
# ALAHADY FAHA- 18 MANDAVANTAONA-TAONA B 2024



## Handatsaka mofo avy any an-danitra ho anareo Aho

Ry Kristianina havana, araka ny voalazantsika tamin'ny Alahady lasa teo raha nanomboka namaky ity toko faha-6 ity isika, toko faha-6 miresaka momba ny mofon'aina, ny Eokaristia dia tena sitrak'Andriamanitra tokoa ny hiara-dia amintsika amin'izao Kongresy Eokaristika Iombonan'ny Nosy KEN 2024. Miara-dalana tokoa isika amin'izao kongresy izao, amin'izao sinaody izao. Tsy irery isika fa miara-dalana amintsika i Kristy Fihavanana. Tsy miafina fa tsy mandeha ho azy ny fanatanterahana izao KEN 2024 izao. Maro ny asa loha. Tadidinareo ny teny averiko matetika: Ady sady dia ny fiainana. Ady amin'ny ratsy fa dia miroso amin'ny tsara kosa. Tandremo anefa sao diso ady atrehina isika . Ny ratsy no iadio fa tsy ny olona.

Henontsika ireo vakiteny atolotry ny Eglizy amin'izao Alahady tsotra mandavan-taona faha-18 izao. Maro no tsy mbola fola-kevitra mikasika ny fiainana eokaristika ary misy aza no mametraka fanontaniana. Noho izany aza gaga isika. Tsy zava-baovao izany zava-mitranga izany.

Navotan'ny Tompo tamin'ny fanandevozana tany Ejipta ny vahoaka. Nefa rentsika fa nimonomonona tamin'i Moizy sy Aarona izy ireo raha mafimafy ny fiainana tany an'efitra. Inona no nahatonga azy ireo hanana izany fihetsika izany ?

> **Vakiteny I :** .Eks.16, 2-4.12-15
> **Tononkira :** Salamo 77,
> **Vakiteny II :** Efez.4, 17. 20-24
> **Evanjely :** Jn 6, 24-35

Anisan'ny antony nahatonga ny vahoaka Israely nivadika tamin'Andriamanitra ny *fanadinoana* ireo zava-mahagaga sy mahatalanjona nataony. Toa vahoaka be fanadinoana, mafy fo, tsy natoky sy tsy niankina tamin'ny Tompo. Efa nasehon'ny Tompo tamin'ny fahagagana nanasarahany roa ny ranomasina mena ny heriny. Tamin'izay dia nandia tany maina ny vahoaka Israely. I Moizy mpanompon'Andriamanitra no nitantana azy ireo. Izy no nivavaka, niresaka tamin'Andriamanitra. Ny Ejipsianina kosa indray dia maty satria rehefa nandalo izy ireo dia niverina toy ny teo aloha ny ranomasina. Nitohy hatrany ny dian'ireo vahoaka Israely ireo. Ny tanjona dia ny hahatongavana any amin'ny Tany nampanantenaina.

Teny an-dalana, tany amin'ny tany efitra, dia nimonomonona tamin'i Moizy sy Aarona izy ireo satria noana. Ny fimonomononana anefa dia toa midika tsy hafaliana, fanakianana, tsy fahampian'ny fitokisana, tsy fankasitrahana.

Indrisy araka ny voalazantsika teo zavatra mahazo antsika mpanara- dia an'i Kristy amin'izao andro ankehitriny izao ihany koa io fomba fiainan'ny vahoak'Israely io. Mila mitandrina antsika fa mihaodihaody mandrakariva ny « fahavalo tsy hita maso » mitady handramatra. Fampianarana ho antsika ny vahoakan'Israely. Vao tsy ela akory izy ireo no nahita ny zava-mahagaga nataon'Andriamanitra, dia efa manomboka mimenomenona sy manao eson-teny ary manakiana Azy sy ireo mpanompony: *Aleonay anie izahay mba matin ny tanan'ny Tompo tany an-tany Ejipta raha ilay nipetraka teo anelanela'ny vilany feno hena sy nihinana mofo mandra-pahavoky iny izahay; fa izao kosa nentinareo aty an'efitra izahay mba hahafaty mosary izao vahoaka be izao.*

Raha jerena amin'ny maso tsy miangatra izany dia aleon'izy ireo mijanona ho andevo, tsy manana ny maha-izy azy, voky toy izay olon'afaka. Mbola manembonembona ny tongolon'i Ejipta.

Mora manadino isika satria manjaka eo amin'ny fiainantsika loatra ny fiovana atobakan'ny lamody ka misy fintraikany amin'ny fisainana sy fomba fiainana. Ny fahatsiarovana no manampy antsika hanana maridrefy ahafahantsika misivana ka hahalala ny marina, ny tsara… Ho antsika kristianina Zanak'Andriamanitra tsy vitan'ny fahatsiarovana fa tsilovin'ny Fanahy Masina isika ka tsy very fa Izy manilo ny diantsika ary mankahery amin'ny ady atrehina. Tsy mandeha ho azy ny firosoana amin'ny Pantekoty vaovao entin'izao KEN izao sy amin'izao sinaody izao ka dia mora mavozo isika, matahotra….

Nohenoin'Andriamanitra ny fimenomenonan'ny zanak'Israely satria *Raiamandreny mpamelona Izy* araka ny lohahevitra naroso tetsy ambony. Tsy nitazam-potsiny fa nanome sakafo: *Nandatsaka mofo* avy *any an-danitra*$_t$ *nandefa mana.* Nanome mihoatra noho izay nilaina aza. Na izany aza dia tsy mety ny mimenomenona, izay midika ho tsy fitokisana amin'Andriamanitra. Tsara ny mangataka amim-pahatsorana sy amim-panetren-tena. Hoy i Jesoa hoe: Mangataha dia omena, mandondona dia ho vohàna ianareo.

Fampianarana ho antsika io zava-nitranga tamin'ny vahoaka tany an'efitra io. Mijaly isika izao. Ray, Baba no Andriamanitra. Tsy Andriamanitra lavitra no Andriamanitsika. Miara-dalana amintsika Izy fa indrindra tonga eto anivontsika amin'ny alalan'izao Kongresy Eokaristika. Izy mofon'aina mamelona antsika Izy fihavanantsika hanasitrana ny rofy sy aretintsika rehetra izany hoe : Maniry tokoa isika mba ho « TONGA AMIN'NY TANY NAMPANAN-TENAINA". Raha atao teny hafa dia "HO EOV MISIONERA VITA BATEMY IRAHINA KA TABERNAKLA VELONA MANORINA FIANAKAVIAMBEN-JANAHARY FRATELLI TUTTI OLO ARAIKY ISIKA JIABY, MPIRAY TAMPO KA MIFAMPITSIMBINA MIFANASOA…

Tokana ny lalana amin'izany araka ny atoron'ireo tenin'Andriamanitra dia ny fibebahana sy ny fiovam-penitra mahery vaika mitondra antsika hanana fiainana eokaristika, mahafoy, manompo anatin'ny fahamarinana. Izany indrindra no kendrentsika amin'izao kongresy sy amin'izao sinaody izao. Tsy isika fa ny Eglizy Eran-tany satria ity krizy ity, dia tsy krizy ara-panahy fotsiny fa krizy maro lafy. Krizy miteraka korontana marobe eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona, eo amin'ny fifandraisana indrindra. Mitaky départ vaovao mba tsy ho rendrika. Tsy départ à zero fa départ vaovao ao amin'i Jesoa, fihavanana ka io fihavanana sady kristianina no hanasitrana an'izao tontolo izao.

Manafatra antsika I Jesoa ao amin'ny Evanjely fa tsy maintsy miasa mba hahazo ny

hanina maharitra. Matoky isika fa raha manao ny asan'Andriamanitra dia Izy no hanao ny asantsika.

Ndeha isika handinika izany rehetra izany miainga avy amin'ireo Tenin'Andriamanitra atolotry ny Eglizy anio Alahady Tsotra faha 18.

Raha ny sakafo ara-batana no resahina dia tsy ampy ny miandry ny mana milatsaka avy any an-danitra fa tsy maintsy miasa. Hoy i Md Paoly hoe : *Izay tsy miasa aoka izy tsy hihinana.* Manamafy an'izany i Jesoa ao amin'ny Evanjely, tohin'izay efa novakina tamin'ny Alahady lasa teo. Nitady an'i Jesoa ny vahoaka noho ny nahitan'izy ireo fahagagana, nihinanany mofo ka voky. Hoy indrindra i Jesoa manentana hoe : *Miasà ianareo, tsy mba hahazo ny hanina mety ho levona, fa ny hanina maharitra ho aminny fiainana mandrakizay, dia izay omenny Zanakolona anareo fa Izy no nasianAndriamanitra tombon-kase.* Ilaina tokoa ny sakafo ara-batana, kanefa tsy tokony hijanona amin'ny fitadiavana an'izany fotsiny. Tsy maintsy miasa ary mikatsaka hatrany ny hanina maharitra amin'ny fiainana mandrakizay. Ambaran'i Jesoa mazava tsara fa Izy ihany no manome io hanina io.

Rehefa manatona an'i Jesoa izany isika dia tokony angatahina voalohany indrindra io sakafom-panahy io. Rehefa manao ny vavaka nampianarin'ny Tompo: *Omeo anay anio ny haninay isanandro,* dia tafiditra amin'io ihany koa ny Eokaristia, fa tsy ny sakafo ara-nofo fotsiny ihany. *Miasà ianareo* hoy i Jesoa mba tsy hiandry ho tolorana fotsiny ary mba hahazo ny hanina maharitra ho an'ny fiainana mandrakizay. Omen'i Jesoa maimaim-poana ho antsika ny Teniny sy ny Tenany, kanefa mila ny fandraisana anjara avy amintsika izany. Raha fintinina izany rehetra izany dia azo lazaina fa tsy mahazo mipetrapetraka intsony fa indrindra raha te-ho tafita isika, izany no hampivelatra ny mahaolona sy olon-drehetra araka ny sitrak'Andriamanitra. Miantso antsika tokoa Andriamanitra hiroso lalindalina kokoa hanova ny tontolom-pinoana, hanova ny tontolo iainana, hanova ny tontolom-piainana dia ny fiaraha-monina mba ho fiaraha-monina mifampitsimbina sy mifanasoa ao anatin'ny fikatsahana ny soa iombonana entanin'ny fahamarinana sy fihavanana sady kristianina no Malagasy.

Toa ireo vahoaka nanodidina an'i Jesoa dia velom-panontaniana sy ahiahy aza. Inona no atao amin'izao kongresy izao ?

*Inona àry no hataonay mba hiasanay ny asan'Andriamanitra?* hoy ireo vahoaka nanodina an'i Jesoa. Novaliany Jesoa hoe: *Ny hinoanareo Ilay nirahiny.* Ny zavatra andrasana amin'ireto vahoaka ireto izany dia ny finoana an'i Jesoa irak'Andriamanitra. I Md Joany ihany no efa nilaza fa: *Izay rehetra nandray Azy dia nomeny fahazoana ho tonga zanakAndriamanitra*, *dia izay mino ny Anarany.* Aoka hahay handray an'I Jesoa isika amin'izao Kongresy izao, rehefa amin'ny Eokaristia isan'andro aoka hahay handray an'i Jesoa tokoa. Io ilay lazaintsika aoka tsy finoana entim-phazarana ny finoantsika fa finoana velona.

Mbola mitohy ihany ny fanontaniana napetrak'ireo nanatrika: *Inona àry ny fahagagana ataonao, mba ho hitanay ka hinoanay Anao? Inona no asa ataonao?* Mangataka famantarana izy ireo, kanefa vao tsy ela akory i Jesoa no nanao famantarana, dia ny fampitomboana ny mofo sy ny hazandrano. Io ilay no lazaintsika teo aloha. Tandremo ny fahatsiarovana. Izany no ataontsika rehefa mankalaza ny Eokaristia. Tsy vitan'ny fahatsiarovana ihany anefa araka ny hafatr'I Jesoa fa ny asan'ny Fanahy Masina dia mivelona izay ankalazaina isika ka manana fiainana eokaristika.

Tsy nanao famantarana vaovao i Jesoa fa niezaka nanazava ny zava- mahagaga milaza ny asa ataony. Ireo vahoaka miresaka amin'i Jesoa dia manaiky ny zava-mahagaga nataon'ny Tompo tamin'ireo razambeny fahiny, fa eto izy ireo dia tsy mahalala sy tsy manaiky an'i Jesoa ho irak'Andriamanitra. Tsy fantatr'izy ireo fa ireo zava-mahatalanjona nataon'ny Tompo fahiny dia tohiziny ao amin'i Jesoa. Mila mitandrina isika sao sanatria manao torak'izany koa.

Azontsika onona tsara izany ny antony hanaovantsika ny fandalinam-pinoana amin'izao sinaody izao, ary indrindra ny antony hanaovantsika ny KEN 2024. Tsy maintsy mandinika ny anjara toeran'ny Katesizy na any an-tsekoly na any amin'ny fianakaviana « eglizy kely », any amin'ny eglizy fiombonana, any amin'ny eglizy fototra…Halalinintsika ny anjara toeran'ny Sakramenta fito ary indrindra ny Eokaristia raha te ho afaka amin'ny aretina sy krizy mamely antsika isika.

Ambaran'i Jesoa tamin'ireo nihaino Azy fa Andriamanitra no nanome ny mofo avy any an-danitra, fa tsy i Moizy akory. Efa nomeny ny vahoakany fahiny io, ary omeny ihany koa ankehitriny amin'ny alalan'i Jesoa. Ny mana tany an'efitra dia mofo avy any an-danitra fa tsy mahavelona mandrakizay, famantarana ihany. I Jesoa Kristy kosa no Mofo velona, nidina avy an-danitra. Tsy Mofon'ny fiainana fotsiny fa Mofon'Andriamanitra mihitsy, fanomezana lehibe indrindra. Avy eo dia nangatahin'ny vahoaka izany mofo izany: *Tompo ô, omeo anay mandrakariva izany mofo izany*, ka novalian'i Jesoa hoe: *Izaho no Mofon'aina; izay manatona Ahy tsy mba ho noana intsony ary izay mino Ahy tsy hangetaheta mandrakizay.* I Jesoa mihitsy no manambara tena *ho Mofonaina, Mofon'Andriamanitra* ho an'ny fiainan'izao tontolo izao.

Tsy ho noana intsony ary tsy hangetaheta mandrakizay tokoa ireo izay manatona sy mandray, mitoetra, ary mifototra tanteraka amin'i Jesoa. Noana sy mangetaheta hasambarana, hafaliana ary fiadanana tokoa ny olona, fa ao amin'i Jesoa, i Jesoa mihitsy no manome izany an'izay manatona Azy. Ho antsika amin'izao fotoana izao dia ao amin'ny Eokaristia no hanatonatsika sy handraisantsika Azy ary iraisantsika tanteraka Aminy. Inoantsika sy raisintsika ao am-po ny Vatana aman- dRany. Izany no dikany AMEN rehefa mandray komonio isika. Fiekem-pinoana hanambarantsika tahaka ny nataon'I Masina Maria fa miombona tanteraka amin'I Jesoa isika. Mazotoa hatrany àry manatona Azy sy handray Azy ary manaiky hohavaoziny. Tongava isika hiatrika ny KEN fa fanehoantsika izany rehetra izany ny KEN.

Mila toe-panahy ny fivelomana ny KEN mba hitondra amin'ny tena fihavaozana marina voalazantsika eo ambony. Io no ambaran'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa.

Mananatra sy mampitandrina ireo kristianina tany Efezy i Md Paoly mba tsy hanao fitondran- tenan-Jentily, izay mizotra manaraka ny hevi-poana. Tsy hahita an'i Jesoa eo anivon'ny fiainantsika tokoa isika raha tsy miova, raha tsy mibebaka. Toe-panahy fototra mampahomby ny fiarahan-dalana tanterahana amin'ny KEN. Tsy inona izany fa ireo mot de passe manokatra ny fiainana eokaristika : HENOY IZY, MITOERA, MANOMPO…..

Raha fintinina ny tian'i Md Paoly dia tsy maintsy zary Olom-baovao ao amin'i Kristy izany hoe tsy maintsy mandao ny zavatra tsizarizary taloha. Olom-baovao ka mitafy fiainam-baovao ; ny toetra sy ny fomba taloha tsy mifanaraka amin'ny maha EOV MISIONERA dia ialàna avokoa. Hoy indrindra i Md Paoly hoe: *Hiala amin'ny fitondrantenanareo taloha, ka hamela ny olona tranainy efa simban'ny fitaky ny filàndratsy ianareo, mba hohavaozina* ao *amin'ny saina amam-panahinareo ianareo, ka hitafy ny*

*olombaovao, izay naorina araka an'Andriamanitra amin'ny fahamarinana amam-panamasinana tena izy tokoa.* Amin'ny fanomezana ny akanjo fotsy amin'ny Batemy dia misy teny tsara hotadidina sy ezahintsika iainana hatrany: *Olom-baovao izao ianareo ary mitafy an'i Kristy. Iny akanjo fotsy madio iny anie hahatsiarovanareo ny fahamboniana nanandratana anareo. Ny havana aman-tsakaiza anie, na amin'ny teny ataony na ain'ny ohatra omeny, hanampy anareo hahatahiry azy tsy misy pentina hatrany amin'ny fiainana mandrakizay.* Mifanohantohana sy mifanampy isika samy kristianina mba samy hizotra amin'ny lalan'ny fitiavana sy ny fahamasinana, ary hiaina ny tena mahazanak'Andriamanitra marina antsika, olom-baovao mitafy an'i Kristy ka ZARY TABERNAKALA VELONA MAMAFY FIHAVANANA, FANANTENANA, FIADANANA.

Ry Jesoa Tompo nirahin'ny Ray Ianao hamelona anay. Nirahinao kosa ny Eglizy hitondra Anao Mofo Velona. Miara-dalana sy eto anivonay Ianao amin'izao KEN izao sy amin'izao sinaody izao. Ny fahasoavana anie hanampy anay hihavao ka ho vonona hanatsara ny rafi-piainana ka hitondra anay amin'ny fivelarana ny mahaolona sy olondrehetra izay tsy afenina fa voagejan'ny fahantrana amin'ny lafiny rehetra ara-panahy, ara-tsaina, ara-nofo, ara-batana izahay. Tanteraka izany raha manana fiainana eokaristika izay mifanasoa, mifampitsimbina, mifampizara izahay. Masina Maria Renin'ny Eglizy tohano ny ezaka rehetra ataonay. Mora kivy ary variana amin'ny zavatra ety ivelany izahay ka mora manadino. Tohano am-bavaka izahay mba hanokatra ny masom-pinoana ka hahita tokoa an'i Jesoa Mofon'aina, rehefa mandray Azy zary EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA tahaka anao. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy eran-tany, mivavahà ho anay amin'izao ezaka ataonay izao. Amena

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson